

Baiboly ho an'ny zaza

Fanomeza

Ny
Nahaterahan'i
Jesosy



Nisonoratsin'i: Edward Hughes

Abaran'ny: M. Maillot
Alastair Paterson

Ampanaraha amin'ny: Frischbutter; Sarah S.

Nadikan'ny: www.christian-translation.com

Naboakin'ny: Bible for Children
www.M1914.org


©2021 Bible for Children, Inc.

Fazahoan-dala: Manan-jo hanao kopia na hanonta an'toy tantara toy anao,
rah ambo tsy mivarotsy anizao.




Taloha ela be, naniraky ny anjely
Gabriely Andriamanitsy tamin'ny
tovovavy jiosy mamy raiky tany
antsoy hoe Maria. Da hoy Ihy
taminazy: Hanan'anaky lahy
anao, da ny anarany hataonao
hoe Jesosy, da Ihy no hatao

hoe Anaky ny
Avy indrindra,
da hanjaka
mandrakizay
Ihy.



"Manao akory gne hahatanteraky
an'izay?" Hoy tovovavy igny gaga.
"Tsy mbo niaraky tamin'olo iaho."
Nitsara tamin'I Maria ny anjely
fa boka amin'Andriamanitsy
zaza zay. Tsy ho
olombelo ny abany.



Nitsarain'ny anjely igny tamin'I
Maria fa I Elizabeta
anak'olo-mpiray tam-po
amanazy da mbo
manan'anaky amin'ny
fahanterany.

Fahagaga avao koa
zay. Namangy an'I
Elizabeta I Maria,
tsy ela tafaran'izay.
Niara-nidera
an'Andriamanitsy
andreo.



Nifamofo hanambady
lehilahy atao hoe
Josefa I Maria.
Nalahelo I Josefa
lafa naheno fa
bevohoka I Maria.
Nihevitsy ihy fa
lehilahy hafa ny
abany.



Tamin'ny nofy no nitsaran'ny
anjelin'Andriamanitsy an'I
Josefa fa Anak'Andriamanitsy
io zaza io. Tokony hanampy
an'I Maria hikarakara an'I
Jesoa I Josefa.



Natoky sy nankato an'Andriamanitsy I Josefa.
Nankato ny lalàn'ny fireneny koa ihy. Noho ny
lalàna raiky vaovao, da
lasa nandeha a Betlehema
tanà niaviany ihy
sy Maria,



mba handoa ny hetrany.



Efa vonona ny
hitondra ny anakany
I Maria. Nefa tsy
nahita trano I
Josefa. Feno aby
ny trandom-bahiny.



Nahita tranon'omby I Josefa tamin'ny farany.
Teraky teo I Jesosy zazakely.



Napetrakin'ny endriny tamin'ny fihinanam-bilona teo ihy, izay toera fametrahan'ny biby fiompy.



Takaiky teo, nisy mpiarakandro ondry niamby ny ondriny natory. Niseho ny anjelin'Andriamanitsy ka nitsara tamindreo ny vaovao tsara.



"Mpamony no teraky ho anareo zao an-tanànan'I
Davida ao, da Kristy Tompo. Ny zazakely mandry
amin'ny fihinanam-bilo eo no ho
hitanao."



Tampoky teo, da nisy anjely namirapiroatsy maro
be niseho, nidera an'Andriamanitsy
nanao hoe:



"Voninahitsy any amin'ny avo indrindra ho
an'Andriamanitsy, ary fiadana ety
ambonin'ny tany, amin'ny olona
ankasitrahany."



Nandeha nalaky tamin'ny tranon'omby tegny
mpiarakandro ondry reo. Vatany vao avy nahita an'ny
zazakely igny andreo da nitsara tamin'ny olo aby
nifanojo tamindreo zay notsaran'ny
anjely momba an'I Jesoa.



Efapolo andro tafara tatiky,
'ndesin'I Josefa sy Maria
tamin'ny tempolin'ny
Jerosalema tao I
Jesosy. Nisy lehilahy
atao hoe Simeona
nidera
an'Andriamanitsy
noho ny Zazakely
tao, ary I Ana antitsy,
mpanompon'I Jehovah
hafa, kosa nisaotsy.



Samy nahalala an'I Jesosy fa
Anak'Andriamanitsy, ilay
Mpamony nampanantenaina.
Nanao sorona voro roa
I Josefa. Zay gne
fanatitsy araky ny
lalàn'Andriamanitsy
izay tokony ho
entin'ny mahantra
lafa manolotsy zaza
vao teraky ho an'I
Jehovah andreo.




Tafara tatiky, nisy
kintana manokana
nitariky ny Magy
boka atsinana
tagny ho any
Jerosalema.



"Ai gne teraky ho
Mpanjakan'ny Jiosy igny?"
Hoy andreo nanontany. "Te
hiankohoky Aminazy anay."


Nahare momba ny Magy
reo I Heroda Mpanjaka.
Sahira ihy ka nangataky
andreo hitsara aminazy
lafa nahita an'I Jesosy
andreo. "Iaho koa te
hivavaky Aminazy", hoy
I Heroda. Navandy
anefa ihy. Te hamono
an'I Jesosy I Heroda.



A colorful illustration depicting the visit of the Magi. On the left, a woman with long brown hair, wearing a blue headscarf and a blue dress, holds a baby in a white cloth. In the center, a man with a long grey beard, wearing a purple robe, a yellow turban, and a red sash, holds a gold-colored bottle. To his right, another man is seen from behind, wearing a red robe and a red turban with a yellow band. He is holding a small purple object. The background is dark blue.

Nitariky ny Magy ho amin'ny trano tena
nipetrahan'I Maria sy Josefa niaraky
tamin'ny Zazakely igny kintana
igny. Nandohaliky nivavaky
mpanao dia lavitsy reo, ka
nanome an'I Jesosy
fanomeza
volamena sy
menaky manitsy.

Nampitandrina ny Magy
Andriamanitsy mba hody
mangingina. Meloky be I
Heroda. Tapa-kevitsy ny
hamono an'I Jesosy mpanapaky
ratsy fanahy igny, ka namono



ny zazalahy ta
Betlehema tao aby.



Tsy afaky nanimba ny
anak' Andriamanitsy
anefa I Heroda!
Nampitandremana
tamin'ny nofy tao I
Josefa, ka ninday an'I
Maria sy Jesosy ta
Ejipta tany.





Lafa
maty I Heroda,
nipody boka Egypta tany
I Josefa ninday an'I Maria sy
Jesosy. Nipetraky tamin'ny tanà kelin'I Nazareta
tao, akaikin'ny ranomasin'I Galilia, andeo.



Ny Nahaterahan'i Jesosy

Tantara raiky amin'ny tenin' Andriamanitsy ao,
ny Baiboly,

da hita ao

Matio 1-2, Lioka 1-2

"Gne fampidira gne tsaranao da manazava."
Salamo 119:130





Vita



Ity tantara ao amin'ny Baiboly ity da mitsara amin-tsika ny mahakasiky an'ilay Zanahary mahatseriky izay nanao an-tsika sy maniry hahalala an'Azy.

Hain'Andriamanitra fa nanao ratsy atsika, izay volagniny hoe ota. Fahafatesa gne sazin'ny ota, fa tena tia anao Zanahary ka nandefa ny Anakiny lahitoka da Jesosy mba ho faty teo amin'ny Hazo fijalia sy ho voasazy noho gne fahotanao. Da velona indraiky Jesosy ary nody tany an-danitsy! Rah amino an'I Jesosy ianao ka mangataky amin'azy mba hamela gny helokinao da hataony izay! Ho avy Izy ka hipetraky ao anatinao hananin'izao, ary hiara-hipetraky Aminazy mandrakizay anao. Raha mino anao fa izay gne fahamarinagny, da tsarao amin'gny Zanahary hoe:

Jesoa Malala ô, mino aho fa Anao gne Zanahary, ary lasa olombelo ho faty gn'amin'ny fahotako, ary velo zao indraiky. Miangavy anao hiditsy amin'gny fiainako ka mamelâ gny heloko, mba hahazoako fiainam-baovao hananin'zao, da indraika andro agny hiaraky Amino mandrakizay. Ampio iaho hanaraky Anao sy hiaina ho Anao amin'gny maha-agnakinao anahy.
Amena.

Mamakia Baiboly da miresaha amin'gne Zanahary isan'andro! Jaona 3:16

